Famelomana ny fonjan'i Nosy-Lava

# Tsy mahay tantara Rajoelina 3


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 21 marsa 2019 Laharana 889 Vidiny : 400 Ar


PRODUIR, Banky Iraisam-pirenena 5

## Hanampy ny CUA amin'ny fanadihadiana momba ny mponina


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Antalaha 3

# Nisy nandoro ny biraon'ny JIRAMA



Fifidianana depiote 3

# Hitazona mafy an'Antananarivo ny TIM



KANDIDÀ TIM BORIBORITANY VI 2

## Nijery ny olan'ny mponina ao Ankazomanga Sud



Ambatolampy 2

## Lasibatry ny asan-jiolahy na tranom-panjakana na fiangonana

Pr Harimalala Joseph 3

## Miankina amin-javatra hafahafa ny fitondrana

Tsy fandriampahalemana 7

## Miantso vonjy ny mponina any Manjakandriana

Daka kely

Ataon'ny mpanera esoeson-teny sisa ny Miami anareo ry Boaikely a !

Baolina kitra 4

## Nisaraka ady sahala 1 sy 1 ny USCAFOOT sy i Mayotte



KANDIDÀ TIM BORIBORITANY VI

## NIjery ny olan'ny mponina amin'ny faritra iva ao Ankazomanga Sud

Tsy nijanona teo amin'ny fanamboarana ilay tetezana teo amin'ny bassin, sy fanampiana ireo mivelona amin'ny fanasana lamba fotsiny ny ekipa tarihin'i Todisoa ANDRIAMAMPANDRY, izay kandida Depute atolotrin'ny TIM Boriboritany faha 6 Ambohimanarina sy ny mpiray lisitra aminy, sy ny mpiara-miasa, fa nijery ifotony ny olana mianjady amin'ireo vahoaka ao amin'ny faritra tena iva Ankazomanga Sud atsinanan'ny Boulevard de l'Europe izay milona rano tanteraka, vokatry ny fanentsenan' ireo vahiny mividy tany ny lakandrano mamoaka rano. Vahaolana hitan' ireo mponina ny fanaovana tetezana lavabe, ka nanao izany i TODISOA MANAMPY ary hanampy ireo vahoaka ihany koa amin'ny dingana rehetra mba hamahan'ireo vahiny manorina trano eo ambony canal mamoaka rano sy manototra izany. Tsy izahay vahoaka mihitsy no te haloto fa ny canal mamoaka rano mihitsy no tapenan'ireo vahiny, ka zary lasa traboina lava izahay, hoy izy ireo. Hijoro hiaro ny vahoaka ary hanao lalàna hiarovana ny malagasy no hatao rehefa tonga ny fotoana hoy Todisoa Andriamampandry.



***Helisoa***

Fitondran-dRajoelina

## Fitiavana vahiny no lehibe indrindra

Samy nahatsapa ny ankamaroan'ny Ampanjaka nasaina nandritra ny lanonana taorian'ny fiainianan'ny filoham-pirenena teny Iavoloha fa dia narirarira tsy tafiditra nihaona tamin'Andriamatoa Andry Rajoelina. Olana teo amin'ny Arofenitra , hono, no fialana bala tamin'ireny ary dia namoronana fotoana hafa hihaonan'ny Roa tonta. Tezitra noho izany ireo Ampanjaka sasany ary tsy tonga teto Antananarivo intsony. Ireo vahiny avy any ivelany tokoa mantsy no lohalaharana tsy maintsy noraisin'ny filoha, fa ny Ampanjaka Malagasy kosa natao anjorom-bala. Eo amin'ny sehatry ny toekarena indray dia ireo mpandraharaha vahiny Eropeanina , Aziatika , Indiana no tena tompon'ny fandraharahana goavana eto amintsika. Ny Malagasy kosa tsy tafiditra ao anaty lisitra fa dia ny ambikambiny sisa no tsimponina. Mitanatana vava torak'izay koa ny tantsaha maro an'isa raha tsy hiteny hafatsy ny Vary Mora , ny trano mora , sns… Eo amin'ny foto-drafitrasa lehibe « manara-penitra » koa dia orin'asa goavana efa voky sy goaika antitra no mahazo ny tsenan'asa. Isika Malagasy anefa manana olona afaka hanao ireo rehetra ireo fa dia iniana tsy nojerena mihitsy satria ny fitiavana vahiny no lehibe indrindra ho an'ity fitondrana tandra-metaka ity.



***Rajaonarimpanontsana***

Ambatolampy

## Lasibatry ny asan-jiolahy na tranom-panjakana na fiangonana

Nirongatra ary nanao ny nataony tokoa ny jiolahy ny faran'ny herinandro teo tao an-tampon-tanànan'Ambatolampy, faritra Vakinankaratra araka ny vaovao voaray. Ny Sabotsy 16 martsa lasa teo no nisehoan'izany asan-jiolahy izany. Ny antoandron'io andro io aloha dia nisy namaky ny tobim-pahasalamana fototra – CSB II, ka vola no lasany tao, izay voalaza fa saika hanaovana vaksiny faobe. Ny alin'io andro io indray dia tao amin'ny fiangonana FJKM Antampontanànan'Ambatolampy no lasibatra, ka lasan'ireo jiolahy ny fitaovana fanamafisampeo samihafa sy ny table de mixage. Ankoatra ny fiangonana dia re ihany koa fa nasian-dry zareo ny tao amin'ny Cntemad any an-toerana. Amin'ny tsy fisian'ny mpiambina amin'ireny toerana ireny matetika no anararaotan'ny jiolahy anaovana ny asa ratsiny.




*Tsy milamina ihany koa ny tanànan'Ambatolampy.*

***Radafy***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miami izao dia izao

Miami izao dia izao, io no henonao raha sendra handray Taxi brousse mihazo an'i Toamasina miainga eto Antananarivo ianao. Misoratra mihitsy eny amin'ny fitaratry ny mpitatitra io. Toa zary lasa esoesontenin'ny mpanera sy ny mpandeha ilay izy satria mbola kevokevohan'ny filoham-pirenena Rajoelina tany Toamasina indray ilay moron'ny Bord fa ho tsara kokoa noho i Miami hono. Tsara ilay fisainana hanakatra ny tsaratsara kokoa fa tena ho raitra noho ny any ivelany tokoa ve no hitranga eo sa dia kaontenera toy ny etsy amin'ny La Réunion kely indray no hita? Efa tsy vahiny amin'ny vahoaka intsony mantsy ny fampiesonana nampanantenaina hafa-tsy ny Vary Mora tsy fihinan'ny Malagasy maro akory, ratsy raha oharina amin'ny Vary Gasy eto an-toerana. Ireo Velirano nodradradradraina indray dia toa asa efa natomboka tamin'ny fotoanan'ny filoha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina ihany no notohizana, fa ny fomba fiteny azy fotsiny no novaina . Raha hiverenana ilay Miami dia io tokoa ve no tokony ho laharam-pahamehana kanefa ny vahoaka efa matin'ny hanohanana sy ripaky ny tsy fandriampahalemana ary lazoin'ny aretina? Atsangana indray ilay Building mora dia hihevitra ve ny rehetra fa ho tafiditra honina ao anatin'izany avokoa. Ny tany sy ny trano onenany kely aza efa lasa namidy amin'ny olom-bitsy sy ny akamakama dia hanantena inona indray. Mbola tohin'ny nofinofy ririnina foana no iainana sy itondrana ity firenena ity ary Maquettes no arantiranty eny rehetra eny hisintonana ny fon'ny vahoaka fa tena hanao zavatra tokoa. Aleo isika no hahita ny ho tohiny…

***Rajaonrimpanontsana***

Fitondrana ankehitriny

## Ianjadian'ny olana samihafa

Vao volana vitsy taorian'ny nandraisan'i Andry Rajoelina, filoha, ny firenena, dia maro sahady ireo olana saro-bahana eny amin'ny fiaraha-monina. Ao aloha ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana etsy sy eroa, ny fitakiana ataon'ny mpiasan'ny Jirama sy ny Seces, ny fiakaran'ny saran-dàlana etsy sy eroa, ny fidangan'ny vidim-piainana sns… Raha ny resaka saran-dàlana fotsiny ohatra dia nilaza ihany koa izao fa hampakatra ny saran-dàlany ho 500 ariary ihany koa ny taxibe E, mampitohy an'Andravoahangy sy Ambohimangakely amin'ny faha-31 Martsa ho avy izao. Efa niakatra ihany koa anefa ny teny amin'ny 67 Ha mampitohy azy amin'Ambohitrimanjaka sy Ampangabe, na dia efa nidina an-dalambe aza ny mpanjifa. Torak'izany koa ny fiakaran'ny saran-dàlana amin'ny zotra H mampitohy an'Andravoahangy sy Sab-Nam iny izay lasa 500 ariary ihany koa. Hatreto anefa dia tsy mbola hita taratra loatra ny fanajana ny bokin'andraikitra amin'ireo tompon'ny fiara: toy ny tsy fahatongavana eny amin'ny toeram-piantsonana farany sy ny fanajana ny mpandeha amin'ny hariva. Ny mpitatitra etsy andaniny milaza fa noho ny fiakaran'ny vidin'ny solika no antony tsy maintsy hampakarana ny saran-dàlana, dia mbola any amin'ny fanjakana foana ny baolina . Ny vahoaka efa miandry ny fampanantenana nataon'ny filoha tamin'ny fampielezan-kevitra, dia ho hita eo izany izay tena vaha-olana amin'ny famahana ny olana ara-tsosialy eto amintsika ankehitriny.

***Rajo***

Ny Valosoa sy hadihady

# Famelomana ny fonjan'i Nosy-Lava, tsy mahay tantara Rajoelina

Alefan'ny filoha Andry Rajoelina any amin'ny fonjan'i Nosy-Lava hono ireo izay tratra nanao afera Andramena sy ireo mpanao fakana ankeriny. Ekena ary tsy azo lavina fa tokony faizina izay nanao ratsy teto amin'ity firenena ity fa mialohan'izay dia aleo fantarina ny mahakasika ity Nosy Lava ity izay marihana fa efa nakatona tsy azo ampiasaina intsony vokatry ny tsy fanajana ny zon'olombelona. Mpanao gazetin'ny haino aman-jery MBS, Rivoherizo Andriakoto, izay efa nodimandry no anisan'ny nanao fanadihadiana tany an-toerana, tao Nosy Lava ny taona 2000 ary namoaka ilay horonan-tsary antsoina hoe : « Les Damnés de la Terre », naneho ny fijalian'ireo voafonja farany tao Nosy Lava , mbola nifatotra rojo vy ny tongotra aman-tanany ; tsy manana haninkohanina fa dia mitady izay azo harapany eny rehetra eny. Tsy nisy mpitsabo fa rehefa maty dia atsipy any anaty ranomasina any. Io horonantsary 52min io no nanery ny filoha Didier Ratsiraka hanafaka ireo voafonja farany tao rehefa nahazo tsindry goavana avy amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena miaro ny zon'olombelona. Nahazo ny loka Prix Albert Londres avy tany ampitan-dranomasina mihitsy moa ilay horonan-tsary tamin'izay fotoana izay. Nakatona nanomboka teo ny fonjan'i Nosy Lava. Tsy azo ampiasana ho fonja intsony ary ireo mponina mpanjono sisa no mijanona ao.Mbola saika hatao ho faritra fitsangatsanganana ho an'ny mpizahatany koa aza izy io, izany hoe havadika ho toerana mahafinaritra fa tsy toerana fampijalian'olona intsony. Teo koa ny fiheverena ity fonja atao ho mozea. Ka mozea ve mbola haverina ho fonja indray, azo lazaina ho tena miredired mihitsy ny filoha Andry Rajoelina ny momba ity fanambarana nataony momba ity fonja ity. Any amin'ny faritra Avaratra Andrefan'i Madagasikara , mifanila amin'Analalava no misy ity Nosy Lava ity , fitobian'ireo mpanjo dingadingana na Concombre de Mer. Talohan'izay, izany hoe tamin'ny fotoanan'ny Kolonialy dia naorin'i La Frantsa ho lasa Maison de Force i Nosy Lava tamin'ny taona 1911, ka ny governora Frantsay , ny Jeneraly Gallieni no nitarika izany. Taty aoriana , nipoaka ny hetsika 13 mey 1972, hetsiky ny mpianatra sy korontana dia nalefa nogadraina tany koa ireo mpianatra efa ho 200, ka ny mpitarika 6 no tena nahita faisana, ary rehefa voatery navotsotra izy ireo satria nihamafy ny tolona dia tonga hatramin'ny fialan'ny filoha Phillibert Tsiranana. Haverin'ny filoha Rajoelina hosokafana indray izany ity fonjan'i Nosy Lava ity ankehitriny ary azo adika tsotra izao fa tsy miraharaha izany zon'olombelona izany ny filoham-pirenena Malagasy Andry Rajoelina, izay napetraky ny CENI sy ny HCC, koa dia miomankomàna ianareo mpanao aferana Boaderozy haka rivotra any Nosy Lava any fa indrindra ianareo tao anatin'ny Tetezamita izay tena nampirongatra izany fanondranana Andramena izany, ianareo mpanao kidnapping koa, izay hatramin'ny taona 2009 koa no tena nampirongatra azy.

***Rajaonarimpanontsana***

PR HARIMALALA JOSEPH

# Miankina amin-javatra hafahafa ny fitondrana

Azo lazaina ho mizotra hatrany ny fiainam-pirenena na dia iaraha-mahalala aza fa toa miha- mafy hatrany ny fahantrana ho an'ny sarambabembahoaka, raha ny fahitan'ny mpandinika azy sy ny hita iainan'ny Malagasy maro an'isa. Toa mihamitombo hatrany mantsy ny mpangataka nohon'ny tsy fi- sian'ny asa vaovao miforona mba hiasan'ny olo-na. Toa tsy mbola laharam-pahamehana hoan' ny mpitondra fanjakana hoy ny mpandinika ny sosialim-bahoaka fa toa vahaolana vonjy tavan' andro aloha hatreto no misy sy atolotra ny vahoaka madinika, izay manome vahana tanteraka ny fiankinandoha amin'ny mpitondra amin' ny tolotolotra madinidinika izany. Fa ho an'i Pr Harimalala Joseph, dia tsikariny fa toa misy resaka fanandroana sy fandrindrana teti-andro ataon' ny mpitondra sy ny mpandrindra ny fifidianana rehefa halalinina hoy izy, izay toa endrinjavatra mampiahiahy ho fanankinana ny fiainan' ny Malagasy amin'ny asan'ny maizina izany. Isan'ny nitondrany fanamarihana ny datin'ny famoahana ny lisitry ny kandida ho solombava-mbahoaka, izay nampifanarahana tamin'ny daty nanaovan'ny filoha fiarianana izany dia ny andron'ny 19 izany. Teo ihany koa ny datin'ny 27 mey hanaovana ny fifidianana izay nifandraika tamin'ny datin'ny nampitsaharana ilay "confrotation" teny amin'ny CENI Alarobia. Mampametrampanontaniana ihany hoy izy na dia heverin'ny maro ho tsy dia misy dikany aza satria toa miankina amin-javatra hafa- hafa ny fitondrana. Tsikaritra ihany koa ny fihazakazak'ireo tsy miankina izay nomena tombon-dahiny amin 'izao fifidiana-na izao, izay hita taratra sahady fa ho hampidirina ao amin'ny vondrona Mapar ao aoriana ao ny dikany. Mety ho diso kajy nefa tompoko hianareo raha hihevitra fa hanao teti-panorona maty indray andro araka ilay fitenenana satria raha toa ka 12% no heverina fa ho salan'isan' ireo tsy miankina miaraka amin'ny Mapar ary nolazaina hoe 8% ny an'ny TIM.K25, izay tsy misy tsy miankina dia tombanana fa tsy ny ho fahamaroan'ny tsy miankina ireo no hiheverana fa hanohanany ny Mapar aoriana, ka ahazoan'ny fitondrana ny maro an' isa eny Tsimbazaza, ka ahafahanareo mampi-asa malety indray aoriana ao. Ny ahiana aza dia ho hafa tanteraka ny hanana ny maro an'isa ao, dia izay miaraka amin'ny Kristy Jesosy, araka ny tenininy ao amin'ny Lioka 12: 32 manao hoe: "Aza matahotra ry ondry vitsy fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana". Koa am-panentren-tena no hampitana hafatra ho anareo mpikarakara fifidianana sy ny rantsa-mangaikany rehetra mba hampitsahatra io fanaovana kajikajy politika io, sao sa- natria hitondra loza ho anareo sy ny ankohonanareo izany, satria raha toa ka Pastora iray no nilaza fa hapetraka fotsiny dia ny filoha Rajoelina indray no napetrakareo fotsiny, araka ilay faminaniana sandoka iny moa izany, araka ilay nambaran'ny faminanian'i Daniela mpaminany 9:27 manao hoe: "Ary hanorina fanekena ho herinandro amin'ny maro izy, ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa, hatramin' ny atsaky ny herinandro, ary ny elatry ny fahavetavetana no hihavian'ny mpandrava, hatramin'ny fahafonganana voatendry, izay haidina amin'ny mpandrava".

Noho izany voalazan'ny soratra masina izany dia aoka hisaina isika vahoaka Malagasy mba tsy ho voafitakin'ny mpaminany sandoka fanindro-any indray amin'izao fifidianana ho avy izao, satria hoy ny voasoratra ao amin'ny Lioka 21: 8 manao hoe: "Ary hoy Jesosy: mitandrema fandrao voafitaka hianareo fa maro no ho avy amin' ny anarako sady hanao hoe: Izaho no izy, ary koa: Efa akaiky ny andro, koa aza manaraka azy".

***Solohery***

Antalaha

# May nisy nandoro ny biraon'ny JIRAMA

May nisy nandoro ny biraon'ny Jirama any Antalaha omaly tolakandro. Tezitra noho ny delestazy lavareny ny mponina any an-toerana no heverina fa nahatonga izao fandorana izao. Nisy ny fihetsiketsehana nataon'ny fokonolona saingy tsy nisy ny fandaminana tapaka. Raikitra ny sakoroka tany an-toerana avy eo ary niafarana tamin'izao fandorana foto-drafitrasa izao. Efa



nijaly tamin'ny delestazy loatra ny tany an-toerana satria efa andro maromaro no tapatapaka ny jiro, ary ny fahatapahana amin'ny fokontany iray dia maharitra 2 na 3 andro mihitsy araka ny vaovao voaray avy any, fa tsy mba ora maromaro toy ny mpitranga. Raha ny vaovao voaray efa nalefa tamin'ny fiarakodia ny gropy tokony halefa any Antalaha, noho ny faharatsian'ny lalana Ambilobe- Vohemara anefa dia tsy afaka tany izany fa tsy maintsy naverina ka nalefa sambo, ary voalaza fa amin'ny alatsinainy 25 martsa ho avy izao vao tokony ho tonga any Antalaha izany gropy izany. Teo koa no anisan'ny nampitroatra ny tany an-toerana.

***Helisoa***

Fifidianana depiote

# Hitazona mafy an'Antananarivo ny TIM

Anisan'ny ho ady amin'ny fifidianana depiote ny 27 mey ho avy izao ny eto Antananarivo Renivohitra, izay hanana depiote miisa 12 ho eny Tsimbazaza. Tamin'ny fanaovan-dalàna farany, nanana depiote 6 amin'ny 12 ny antoko naorin'ny Filoha Marc Ravalomanana, amin'ity fifidianana indray mitoraka ity dia mbola hiezaka izy ireo hanatsarana io sisa io, ka ny tanjona dia hanana depiote mihoatra ny 6, maninona moa raha 12 amin'ny 12 mihitsy eto an-drenivohitra. Na zava-tsarotra aza izany dia azo tanterahana tsara satria raha ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo amin'izao fotoana dia eo am-pelatanan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), amin'ny alalan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany. Tombon-dahiny ho an'ny antokon'i Dada io fitantanana ny Renivohitra io amin'ny fifidianana ho avy, saingy mila miasa ny rehetra izay miara-dia aminy, ary tokony hisy hatrany ny fisokafana. Raha tsiahivina araka ny navoakan'ny CENI, azo lazaina ho olom-baovao ireo kandidà atolotry ny TIM amin'ny fifidianana hazakazaka ho eny Tsimbazaza io, ny ao amin'ny Boriboritany voalohany sy faha-2 ihany no nisy depiote niverina ny kandidàn'ity antoko ity, dia Me Hanitra Razafimanantsoa ao amin'ny Boriboritany voalohany, ny laharana faha-2 dia Pasitera Roger Randriamisata, izay fantatra tamin'ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana. Ny ao amin'ny Boriboritany faha-2 dia mbola kandidà ny depiote Rastany. Laharana faha-2 dia Andriamatoa Tahiana, tanora manana ny maha-izy ao amin'ity Boriboritany ity. Ny ao amin'ny Boriboritany faha-3, faha-4, faha-5 ary faha-6 kosa dia olom-baovao avokoa ny kandidà depiote ny antoko, ilazana fa tsy lany olomanga ity antoko ity. Ao amin'ny Boriboritany faha-3: Feno Ralambomanana sy ny laharana faha-2 ny mpanakanto Bodo. Ny ao amin'ny Boriboritany faha-4, Emilien Ramboasalama izay anisan'ny mpitolona tamin'ny taona 2009 ary nigadra teny Tsiafahy mihitsy, ny laharana faha-2 miaraka aminy dia Andriamatoa Landry lehiben'ny tsenan'Anosibe. Ao amin'ny Boriboritany faha-5 dia Andriamatoa Fetra Ralambozafimbololna mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, sy Naina na Chief mpitolona hatramin'ny 2009 ary mpampianatra fiteny Anglisy. Ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry, lefitra faharoan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo sy Fehizoro Andriamananjezika delegen'ny Boriboritany faha-6. Miampy ny tosika mavitrika avy amin'i Dada sy Neny ireo dia ho azo antoka fa hihoatra ny 6 ny depiote TIM eto an-drenivohitra, ny 12 tsy ferana. Nisy omaly ny fihaonana teo amin'ny Filoha Marc Ravalomanana sy ireto kandidà depiote TIM eto Antananarivo ireto.

***Isambilo***

TONONKALO

## RY MILIARIDERA !

Mitombo isan`andro ny miliaridera
Izay voarohirohy amin`ny resaka afera,
Ka mampieritreritra sy mampanahy
Fa maresaka "ngetroka" ny eny Tsiafahy !

Ireo olo-malaza efa nahitahita
Sy mpandray anjaran`ny tetezamita,
No indreo fa midoboka tsikelikely,
Ary miady sy toa mifanahin`angely.

Tsy hay na hoe misy fifampiandaniana
Na koa valifaty natao sy niniana,
Fa maro ny ekipan-dRajao no voatana,
Ka dia miakatrakatra ny maripana.

Indreo ny voampanga fa mifampitoroka.
(Hay ity iombonana , afera mavoroka!)
Be ireo nitsoaka tanatin`ny maro
Ary mody miampify fa tsara mpiaro.

Tantara mitohy io f`izay aloha ny anio.
(Ny atao no miverina ka tadidio.)
Mahaiza mamindra ary mba mihevera
Sao ratsy fiafara ry miliaridera !

***DADAN'i ZINA (20-03-19)***

DTMU NY CUA

# Nametaka "plot" teny amin'ny LMA Ampefiloha

Ho fitsinjovana ny ain'ireo mpandeha an-tongotra indrindra fa ireo mpianatra dia nasiana "Plot" avokoa ny manodidina ny tambohon'ny LMA, na ny Lycee Moderne Ampefiloha. Asa izay notanterahan' ny avy eo anivon'ny sampan-draharaha misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena andRenivohitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), na ny antsoina hoe DTMU. Marihana fa ny fiaraha-miasa teo anivon'ny Sekoly sy ny Kaominina no nahavitana izao fotodrafitr'asa izao. Araka ny nambaran'ny



*Ireo plot napetaky ny CUA sy ny LMA etsy Ampefiloha.*

tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia anisan'ny mametra ireo fiarakodia sy moto tsy hanitsaka ny faritra ho an'ny mpandeha an-tongotra ny tena asan'ireto "plôt" ireto. Amin'izao fotoana izao mantsy dia maro ireo fiarakodia no tsy manaja izany toerana natokana ho an'ny mpandeha an-tongotra izany. Tsy vitsy ihany koa ireo "moto" no manao hitsin-dalana ka mety hampidi-doza. Arofanina ihany ireto "plot" ireto fa ny sain'ny tsirairay mihitsy no tiana sintonina mba tsy hihoapefy sy hanaja ny lalàna. Ankoatra izay dia entanina ihany koa ny tsirairay mba tsy hanimba ireny fotodrafitr'asa iombonana ireny. Misokatra ho amin'ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Koa entanina izay maniry ho amin'izany mba hanatona ny tompon'andraikitra.

***Helisoa***

Mpamonjy voinan'ny CUA

# Mandray ankizy sy tanora mpiofana avy any an-dafy

Miroborobo ny fiarahamiasan'ny sampana mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny fikambanana maro any ivelany. Maro amin'ireo ankizy sy tanora any andafy no tonga manovo fahalalana ara-piofanana ao amin'ny sampana mpamonjy voinan'Antananarivo. Ankizy sy tanora vahiny maro manana salan-taona 8 ka hatramin'ny 17 taona avy any Frantsa no tonga miatrika fiofanana ao



*Ankizy sy tanora mpiofana avy any an-dafy, ao amin'ny mpamonjy voina Tsaralalana.*

Tsaralalana, herinandro, ka hatramin'ny 3 volana ny faharetany. Misy amin' ireo tanora nahavita fiofanana avy any an-dafy no mahita asa avy hatrany any amin'ny toerana niaviany. Tsy mijanona amin'ny fandefasana mpiofana eto Madagasikara ihany no ataon'ny fikambanana toy ny Mada Life avy any ivelany fa manampy arapitaovana ny mpamonjy voinan'Antananarivo koa izy ireo araka ny fanazavana ny tompon'andraikitra iray ao amin'ny mpamonjy voinan'ny CUA, lietnà Ralimbison Yves.

***Serge***

Faritra Vakinankaratra sy JCI Ville d'Eau

# Nosantarina tamin'ny fiarahana namboly hazo ny fiaraha-miasa

Zanakazo manodidina ny 40.000 hatramin'ny 50.000 isan-taona no mivoaka eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra. Nanomboka ny taona 2017 no niantsehatra tamin'ny famokarana zanakazo ny Faritra, fiaraha-miombon' antoka tamin'ny ONG « Graine de Vie ». Maro ireo karazan-kazo vokarina eto toy ny Mantalys, Erable, Zakarandahy, Tsitoavina, Frène, Papaye, Tapis, Café, Mimosa, Toona, Filao, Accacia, Voandelaka. Fandaharanasan'ny fitondrampanjakana ankehitriny ny hoe

«Ho rakotra ala i Madagasikara», mifanindrandalana amin'izany ny fananganana tanin-janakazo isaky ny kaominina. Efa lasa aloha arak'izany ny Faritra Vakinanakaratra amin'ny fambolena sy fikarakarana tanin-janakazo. Mbola hitohy hatrany izany asa fanaovana tanin-janakazo izany ary hisy ny fifampiresahana miaraka amin'ny "Graine de Vie" mikasika ny filana aty Vakinankaratra, hoy ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo Toerana.

Tsy mamboly sy manomana tanin-janakazo fotsiny ny Faritra Vakinankaratra, fa mandray anjara ihany koa amin'ny fambolen-kazo. Ny faran' ny herinandro teo dia nisy ny fiarahan'ny Faritra namboly hazo tamin' ny JCI Ville d'Eau teny Andraikiba Antsirabe. Ny JCI « Jeune Chambre Internationale » Antsirabe Ville d'Eau dia fikambanana iraisam-pirenena manana ny rantsamangaikany eto Antsirabe. Ireo tanora 18 taona hatramin'ny 40 taona, vonona ny hisehatra amin'ny fanatsarana ny manodidina no miditra mpikambana ao amin'ny JCI. Nandritra ny fihaonana dia nitondra ny fanazavana mikasika ity rafi-pikambanana ity ny Filohan'ny tetikasa Nasionaly Ramatoa Raharison Francesca dit France, fa ny fambolena ny zanakazo manodidina ny 150 teny Andraikiba dia nisantarana ny ho fiaraha-miasa eo amin'ny Région Vakinankaratra sy ny JCI Ville d'Eau. Mbola maro ny sehatra ahafahana miara-miasa ao anatin'ny fampandrosoana ny mpiara-belona. Nisaotra izao endri-piaraha-miasa sy ny fanohanana nataon'ny faritra ny Tanora izao ny filohan'ny JCI Ville d'Eau Ramatoa Fafah Randriamiarisoa. Taorian'ny fambolen-kazo dia nisy ny fifampizarana sy fampahafantarana ny iraka ataon'ny tsirairay. Nitarika izao hetsika fambolen-kazo ho fisantarana ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta izao ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Mpisolo Toerana Andriamatoa Rakotomahandry Thimotée.

***Solohery***

Baolina kitra

# Nisaraka ady sahala 1 sy 1 ny USCAFOOT sy ny ekipan'i Mayotte

Ho fiomanana amin'ny lalaon'ny Nosy aty amin' ny Ranomasimbe Indiana dia nosafidin'ny ekipan'ny Nosy Rahavavy Mayotte ny ekipan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ny USCAFOOT, nanaovana lalao ara-pirahalahiana fanazaran-tena, ho fanomanana sy ho fiatrehana io lalaon'ny Nosy aty amin' ny Ranomasimbe Indiana io, izay hatao any Maorisy ny volana Aogositra ho avy izao. Natao koa izao ho fanazarantena ho an'ny ekipa Malagasy, ny ekipan'ny Kaominina, ny USCA FOOT, ho fanomanantenany amin'ny fiadiana ny am-



*Ny lalao teo amin'ny USCFOOT sy ny zareo Mahoré.*

boaran'i Madagasikara izay hatao ny alahady izao. Teo amin'ny kianjaben'i Mahamasina no nanatontosana ny lalao , ka nandritra ny 90 minitra nilalaovana dia ady sahala 1 sy 1 no nisarahana. Tsikaritra fa nanatombo teo amin'ny fanafihana ny ekipa vahiny , nefa ny ekipan'ny kaominina tarihin'i Raux Auguste ihany koa dia niady hatramin'ny farany izay efa mioman-tena mafy ary miandrandra amboara amin'ny lalao izay ho tontosaina ny alahady izao amin'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara amin'ny isan-tarika. Nisaotra an'i Mayotte ny solontenan' ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomananana dia ny talen'ny kolontsaina sy ny fiainam-piaraha-monina Patrick Andriamisa, sy ny mpitarika ny USCAFOOT Gégé Bosco, tamin'ny nifidianany ny kaominina Antananarivo renivohitra hanaovana fanazaran-tena ,raha misy hoy izy ny hoenti-manana dia mety ho any Mayotte koa izahay hoy izy ireo.

**Helisoa sy Serge**

## Sakafo Ny Valosoa



**Totonkena sy tsaramaso mena** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao be rony, azo ataony saosisaosy ketsaketsa koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fiarovana ny hoditra amin'ny andro hafanana

Fiarovana ny hoditra amin'ny andro mafana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

-Misotroa rano betsaka, hisorohana ny tsy fahampian-drano, hiarovana ny hoditra, hanoloana ny hatsembohana very.

-Miarova-tena amin'ny alalan'ny ditina vahona (vahona tanora, ahosotra amin'ny tarehy sy ny hoditra, avela elaela kely, kobanina amin'ny rano matimaty.

-masonjoany: maka vovoka masonjoany, hasiana rano atao paty dia atao amin'ny tarehy, tsy maninona raha mijanona ela eo aza iny, tantely + masonjoany: miaro amin'ny hain'andro, miady amin'ny kentrona.

-Raha tsapanao fa avy nandeha tamin'ny masoandro be ianao ka rehefa tonga ao an-trano , makà ovy manta nokikisana, dia hosory ny ranony azo, ny hodi-tava rehetra, sy izay taratry ny masoandro, ohatra nanao akanjo bory Tanana na akondro nopotsehina. TANJONA: manala ny may ny masoandro teo.

-Rehefa alina alohan'ny hatory dia makà vongandranomandry (glaçon) vita tamin'ny ravim-boafotsy na ranona cocombre), apandehandehano amin'ny tarehy iray manontolo , indrindra eo amin'ny maso mikimpy.



## NY TENY FIAINANA

*Ny voaloham-pahendrena dia izao: [Na: Fahendrena no ambony indrindra.] Mahazoa fahendrena; eny, lanio ny fananànao rehetra hamidy fahalalana tsara.*
**Ohabolana 4:7**

FIKAMBANANA TANY MALAGASY

# Manohana ny fampijanonana tanteraka ny tetikasa fitrandrahana Base Toliara

Manohana ny fampijanonana tanteraka ny tetikasa fitrandrahana Base Toliara, ny fikambanana Tany Malagasy.
Rehefa nahafantatra ny dingana samihafa nolalovan'Andriamatoa Ministry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny loharanonkarena stratejika sy ireo mpiara-miasa aminy tany amin'ny distrikan'i Toliara I sy Toliara II tamin'ny faha-15 martsa 2019, ka nanamarika ireo fanapahan-kevitra:

- hampiantona ny asa fitsirihana amin'ny lafiny toe-tany (« géotechnique ») an-dranomasina ataon'ny orinasa mpitrandraka Base Toliara,
- sy hanao tatitra any amin'Andriamatoa isany Filoham-pirenena sy Praiministra izay handray ny fanapahan-kevitra farany,
- ny fikambanana ao amin'ny firaisamonim-pirenena izay nanao ny fanambarana dia

- manohana ny fitakian'ny mponina eny amin'ny manodidina ny toerana ho trandrahan'ny tetikasa efa an-taonany maro, ny hanafoanana ny tetikasa fitrandrahana Base Toliara, izay namafisiny tamin'ny daholobe sy ny mpandray fanapahan-kevitra tamin'ny herinandro faramparany teo, indrindra nandritry ny fidinan'ny tompon'andraikitra ambony tany an-toerana,

- manindry fa ny antony samihafa mampitombona ny fampijanonana io tetikasa io, izay aroson'ny mponina, mahakasika ny ara-pahasalamana, ny tontolo iainana ary ny antom-pivelomam'izy ireo dia tena tokony ho dinihina amin'ny fomba malina sy hentitra, ny Ministra rahateo nanambara fa « ny tombontsoan'ny mponina no hataon'ny Fanjakàna foibe laharam-pahamehana »,

- mampahatsiaro fa mampisongadina asa ho foroniny ilay orinasa mpitrandraka saingy miezaka tsy hamaky bantsilana fa ny orinasa mpitrandraka rehetra eto Madagasikara sy manerantany, dia mamorona asa azo atao hoe betsaka mandritry ny taona vitsivitsy voalohany mandritry ny dingana fanorenana - matetika ao anatin'ny antontanisa tanisaina misy mpiasa avy any amin'ny firenena hafa an-jatony, na an'arivony fa tsy lazaina mazava - ary avy eo io isan'ny asa io dia mahery fihenana raha vao manomboka ny dingana tena fitrandrahana. Ny fiovaovan'ny vidin'ny fasimainty eo amin'ny tsena iraisampirenena koa avy eo matetika miteraka fandroahana mpiasa sy fihenan'ny asa mivantana sy ny asa miolaka tsy mivantana.

- manohana ny hisian'ny fampandrosoana ara-toekarena maharitra, ho lovain-jafy, manaja ny asa sy kolontsain'ny vondron'ny mponina ambanivohitra, izay tokony ho tohanan'ny politikan'ny Fanjakàna, amin'ny fanajarian'ny mponina any an-toerana ihany ny loharanon-karenany amin'ny alalan'ny fambolena sy fiompiana ary jono amin'ny fomba manaja ny tontolo iainany.

Mazava loatra fa raha mitohy ity tetikasa fitrandrahana ity dia tena fatiantoka tanteraka ara-toe-karena ny ho vokany.

- ho an'ny mponina any amin'ny distrikan'i Toliara I sy II, izay mpiompy sy mpamboly ary mpanjono ny ankamaroany,
- ary ho an'ny sehatra fiarovana ny zavaboahary sy fizahantany, izay mahatonga io faritra io ho reharehan'ny firenena sy manana ny lazany eran-tany.

Ampahatsiahivina fa ny velaran-tany nomena hitrandrahan'ny orinasa ao Ranobe, izay voakasiky ny alàlana hitrandraka amin'izao fotoana izao, dia 2.500 hekitara (ha). Fa efa an-taonany maro koa ity orinasa mpitrandraka ity no nahazo faritra telo (3) hafa, izay ao amin'ny dingana fikarohana, dia ny ao Ankililoaka (8.786 ha), Basibasy (8.130 ha) ary Morombe (20.637 ha). Ankoatr'izany, ireo faritra telo ireo dia mifampikasika amin'ny toerana tena marefo sy voaaro ara-tontolo iainana, tafiditra anatin'izany ny Alan'ny Mikea, izay iainan'ny vondron'ny mponina tena teratany Mikea.

Ireo fikambanana avy amin'ny firaisamonim-pirenena manao ny fanambaràna dia

- Miray hina amin' ireo vondron'ny mponina samihafa sy mpiavy avy ao amin'ny faritra izay manohitra ity tetikasa fitrandrahana Base Toliara ity,
- Ary mangataka amin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy ny governemanta mba hampitsahatra tanteraka ny tetikasa fitrandrahana Base Toliara.



***Nangonin'ny Ny Valosoa***

PRODUIR, Banky Iraisam-pirenena

# Hanampy ny CUA amin'ny fanadihadiana momba ny mponina

Ho fanatanterahana ny tetikasa PRODUIR tohanan'ny Banky Iraisam-pirenena vola, eto amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Notanterahina ny talata teo ny fandaniana ny tetibola ho fanatanterahana izany tetikasa izany. Tetikasa heverina ho tanterahina mandritra ny 5 taona, nanomboka ny taona 2018 ka hatramin' ny 2023. Ity tetikasa ity dia hiompana indrindra amin'ny fanisana ny mponina, amin'ny fanadihadihana mikasika ny asan'izy ireo,... (étude monographique). Tanjona ny ampiakarana ny fahafantaran'ny rehetra ny tanànan'Antananarivo. Samy hahazo tombony amin'ity tetikasa ity avokoa ny Sampandraharaha rehetra ao amin' ny fiadidiana ny tanàn' Antananarivo. Mandritra izany dia maro ny asa ho tanterahina, toy ny fanadiovana ny Canal C3 mainga eo Anosibe, mandalo an'Ambohimanarina ary mivarina any Ambohidratrimo, hisy ihany koa fanomezana fiofanana ireo mpiasa, ary vatsy hanaovana ny fanisana (recensement). Ety am-piandohan'ny tetikasa dia ny Boriboritany voalohany, faharoa ary fahaefatra no hanatanterahana ny fanisana voalohany, mety hisy ny fitohizan'ny tetikasa any amin'ny boriboritany fahatelo sy fahaenina arakaraky ny fivoaran'ny asa. Ny boriboritany fahadimy manokana dia efa nahazo tombony nandritra ny fiaraha-miasa tamin' ny GIZ Alemà. Tanjon'ity tetikasa ity ny hanatsaràna ny endriky ny tanàna, hanadiovana ny tatatra hisorohana ny tondra-drano.



*Ireo ao amin'ny tetikasa PRODUIR, ao amin'ny CUA.*

***Aly***

Boriboritany voalohany (CUA)

# Nanao fanadiovana faobe ny kaominina sy ny mpivarotra

Mampikaikaika ireo olona maro izay mifamezivezy eny amin'ny tsenan'Ambodinisotry. Boriboritany voalohany ny fiandronan'ny rano maloto eny amin'ity toerana ity, indrindra fa amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Nitaraina araka izany ireo mpivarotra mba hijeren'ny Kaominina akaiky ny fahadiovan'ny tatatra satria dia zary tsentsin'ny fako avokoa ireo lakandrano any anaty tsena. Arak'izany dia nanao fanentanana ireo mpivarotra ireo ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba hiara-hientana hanadio sy hitandro ny fahadiovana miaraka amin'izy ireo. Ny talata teo dia niara-nisalahy ny ekipa mpanadio avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ireo mpivarotra avy ao amin'ny tsenan'Ambodinisotry tamin'ny fanadiovana faobe ny tsena. Raha araka ny nambaran'ny Delegen'ny mpivarotra dia mankasitraka ny Kaominina Antananarivo Renivohitra izy ireo tamin'ny fanentanana sy ny fanampiany tamin'ny fanadiovana goavana izay natao, ary nilaza ihany koa ity farany fa vonona ny hifanome tànana hatrany amin 'izay fiaraha-miasa tokony hatao. Manentana ihany koa ireo mpivarotra ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba tsy handrora mitsilany, satria izy ireo ihany no ifoteran'ny fako, izay ariany any anaty lakandrano. Nanamafy ihany koa ity farany ny mba hitandroana ny fahadiovana satria rehefa madio ny toerana hivarotany dia tsy misalasala ireo mpividy hanatona. Toerana hitadiavan'ny mpivarotra vola ny tsena, ka noho izany dia tokony hataon'izy ireo izay hahatamana ny mpividy eo aminy, amin'ny alalan'ny fikojana sy fanadiovana ny toerana.



*Fanadiovana faobe tao amin'ny tsenan'Ambodinisotry.*

***Serge***

Boriboritany faha-2 (CUA)

# Nanavao toeram-panariana fako simba teny Mandroseza

Vita ihany koa ny fanavaozana sy fanamboarana ny baka fanariam-pako teny Mandroseza akaikin'ny Jirama, Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), omaly. Hita arak'izany fa miroso manatanteraka hatrany ny vina 100 andro, izay toromarika nomen-dRamatoa ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao Ravalomanana, ny eny amin'ny boriboritany faharoa. Marihina fa misy ireo departemanta ao amin'ny kaominin'Antananarivo sy ireo mpiara-miasa aminy no mifanome tanana amin'ny mpiasan'ny boriboritany faharoa amin'ny fanatanterahana izao asa izao, dia tsy iza izany fa ny DTP (CUA) sy ny SAMVA. Ny hanavaozana ny toeram-panariam-pako toa itony dia ny mba hitandroana ny fahadiovana hatrany, antony iray mahatonga ny kaominin'Antananarivo renivohitra hampahatsiahy sy hanentana hatrany ny mponina, mba tsy anapariaka ny fakony eny rehetra eny.



*Fanavaozana fanariam-pako nataon'ny Boriboritany faha-2.*

***Aly***

FAHASALAMANA

## Vonona hiara-hiasa amin'ny Antenimierandoholona ny PSI Madagascar

Tonga nitsidika ara-pomba fifanajana ny Filohan'ny vaomiera sosialy, koltoraly ary serasera eo anivon'ny Antenimierandoholona Rakotozafy Jean Martin, ny talen'ny serasera avy amin'ny Psi Madagasikara (Population Service International – Madagascar) Ramatoa Nathalie Randriamanga, ny talata teo, tao amin'ny Lapan'ny Antenimierandoholona Anosy. Nanotrona ny Loholona Rakotozafy Jean Martin ny Senatera RAMPARISON Luc sy RANDRIAMALALARISON François Xavier izay samy mpitsabo. Nifantoka tamin'ny fangatahana fiaraha-miasa sy fampahafantarana ny tetik'asa vaovao IMPACT izay ho vatsian'ny USAID vola, ny lahadiniky ny roa tonta. Aharitra dimy taona io tetik' asa io ary hanomboka ny faha 12 aprily 2019 izao izany. Nambaran'ity talen 'ny PSI, fa ity tetik' asa ity dia miompana tanteraka amin'ny resaka fahasalaman' ny reny sy ny zaza, ady amin' ny tazo moka ary amin'ny fanabeazana aizana. Ny tanjon'ny tetik'asa dia ny mba ahazoan'ny vahoaka Malagasy fanafody araka ny tokony ho izy. Nohararaotin'ny Loholona Rakotozafy Jean Martin ny fihaonana nanazavany ny andraikitry ny Antenimierandoholona. Ary amin'ny maha-mpiahy ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ny Andrim-panjakana dia nanoro hevitra ny tenany ny mba hisian'ny fiaraha-miasan'ny PSI Madagasikara amin'ireo Kaominina. Na ny loholona RAMPARISON Luc, na ny loholona RANDRIAMALALARISON François, izay samy mitsabo dia samy nanome toro-hevitra ny PSI, mba hampahomby ny tetik'asa. Firariana hoy ny Senatera RAMPARISON Luc raha mba misy tetik'asa ho an'ny zokiolona ataon'ny PSI-Madagasikara. Nambaran' ny talen'ny sampandrarahan'ny serasera eo anivon'ny PSI fa any amin'ny distrika sy Kaominina any amin'ny faritra amorontsiraka no hifantohana sy hampiharana ny tetik'asa, ka ireo fanafody dia aparitaka manerana ny fivarotam-panafody ambongadiny any amin'ny distrika (PHA GE DIS) sy fivarotam-panafody eny anivon'ny Kaominina (Pha Ge Com). Vonona ny hiara-hiasa amin' ny PSI ihany koa ny Antenimierandoholona araka ny nambaran'ny Filohan'ny vaomiera sosialy, koltoraly ary serasera RAKOTOZAFY Jean Martin, rehefa tonga ny fotoana hampiharana ny tetikasa.

***Aly***

Ministeran'ny fanabeazam-pirenena

## Manana ivon-toeram-panofanana momban'ny fikajiana ny tontolo iainana

Tafiditra tanteraka ao anatin'ny drafitr'asa ny fanatsarana ny tontolo ianana ny andraikitra sahanin'ny CCEE, na ny "Centre Culturel et Educatif à l'Environnement", izay ivon-toerana ibeazana ara-kolontsaina mirindra amin'ny tontolo iainana eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena. Efa manerana ny faritany 06 ny ivon-toeram-piofanana izay manatsara ny tontolo iainana hatrany. Anatin'ny DREN 4 no iasan'ny ivon-toerana ka isan'izany ny ao amin' ny Faritra Analamanga sy Vakinankaratra. Ho an'ny faripiadidiam-pampianarana Vakinankaratra dia mpiofana miisa 22 mianadahy no efa nahavita fiofanana, ka nizarana ny "certificat", izay misalotra ny anarana hoe "Railovy sy ny Ravinala", mpianatra ho mpanentana sy mpamolavola ny tetikasa momba ny tontolo iaianana ireto nofanina ireto, ary naharitra heritaona ny fiofanany ho an'ny mpanentana, ary ny mpamolavola kosa maharitra 2 taona. Efa niaina tao anatin'ny fanatsarana ny tontolo iainana izy ireo ary hanohy hatrany ny traikefa notoviziny tato amin'ny CCEE aorian'izao fivoahany izao. Sehatra iray hanatsara ny kolontsaina sy ny tontolo iainana no antom-pisian'ity ivon-toeram-piofanana ity. Tonga nanatrika ny lanonam-pamoahana ireto mpianatra ireto ny Tale miadidy ny raharaha ankapobeny sy ny lafintany eto Vakinankaratra, nahitana ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny filohan'ny faripiadidiam-pampianarana Antsirabe I sy faha II, ary ny fianakaviamben'ny fampianarana CCEE avy any Antananarivo sy ireo mpianatra nahavita ny fiofanana. Ny andron'ny 15 martsa 2019, tao amin'ny Soroptimist "route" d'Ambositra Antsirabe no nanatanterahana ny lanonana. Ny fananan'i Vakinankaratra ireto mpiofana ireto dia tosika iray ho fikajiana ny tontolo iainana ary afaka hampianatra ny fiaraha-monina ny voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo iainana sy tari-dalana iainan'ny isam-batan'olona sahady, hatrany an-tokantrano ny fikajiana ny tsara hatrany. Noho izany dia hitondra fampandrosoana ho an'ny Faritra ho maitso. Maro ny fikambanana efa manatsara ny fiarovana ny tontolo iainana miampy ity ivon-toeram-piofanana ity, izay hanatrarana ny tontolo iainana maha te ho tia sy maha te honina. Nandritra ny famohahana ireto mpianatra ireto no nampirantiany ny fikarohana azo tsapain-tanana teny anivon'ny fiaraha-monina sy teny anivon'ny tontolo iainana.

***Lezama***

Tetikasa SIMSI

## Kaomina 08 amin'ny 90 no hahazo tombontsoa any Vakinankaratra

Fampandrosoana ho an' ny daholobe no paik'ady entina eto amin'ny Faritra Vakinankaratra, mba hiteraka fahombiazana. Mijoro ankehitriny ny Sehatra Ifampierana Mampahomby ny Sampan- draharaha eny ifotony, ka kaominina valo ao amin'ny OPCI FANDROSOANA ao amin'ny tapany atsimon'ny Distrikan' Antsirabe II no hahazo tombony manokana amin' izany. Efa mpiaramiasa tamin'ny "Programme Matoy", toy ny ONG SAHA , samy miara-miasa amin'ny Helvetas ao ana- tin'ny cooperation Suisse io vondron'ny Commune Fandrosoana io, ary mbo- la misitraka tombontsoa amin'izao tetik'asa izao. Natomboka tamin'ny fo-mba ofisialy ny fiaraha-miasa, ka tonga nanotro- na izany ny Préfet an' Antsirabe, ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, ny filohan'ny OPCI Fandrosoana, izay Ben'ny Tanàna'i Vinaninkarena ary ny Talen'ny tetikasa ONG SAHA, Rabemanantsoa Harilanto, tao amin'ny Hotel Le Rêve ny faran'ny herinandro teo. Ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo tena raha nandray fitenenana dia nidera ny ONG Saha sa-dy nisaotra azy nahatsiaro ireo kaominina 8 aty Vakinankaratra ireo. Manampy amin'ny fitantanan-draharaham-pan-jak ana ny tahaka izao no sady manome fanofanana ihany koa ireo ben' ny Tanàna, mba hiroso-any bebe kokoa amin' ny fampandrosoana ny vahoaka. Faritra efatra eto Madagasikara no hahazo tombon-dalana amin' ny Tetikasa dia Diana, Analamanga, Vakinankaratra ary Androy. Kaomina 46 arak'izany no ho voakasika. Ny tanjon'ny tetik' asa SIMSI dia hanome lanja ny tamberin'andraikitra eo amin'ny olom-pirenena tsy tompon-trano mihono sy ny Mpitondra amin'ny alàlan'ny fiarahana mamaritra ny laharam-pahamehana, ny lamin' asa ary ny tetibola ao amin 'ireo kaomina iasàn'ny tetik' asa . Ny sehatra ara-pahasalamana, ny sehata ara-panabeazana ary ny fananantany no laharam- pahamehana hanomezana tsantsoroka. Ny tetik'asa SIMSI I dia tohanan' ny Banky iraisam-pirenena vola, mpiara-miombon'antoka amin' izany: ny Sehatra lombonana ho an'ny Fananantany (SIF), Rindran'ny Olompirenena Harova-na sy Iaraha-manana (ROHY), ny HELVETAS, Réseau Transparence et Redevabilité sociale Madagascar ary ny Coalition des Radios. Araka ny tombana natao dia ilaina tokoa ny tantsoroka mba hisy traikefa entina hampandrosoana eny amin'ny kaomina am- banivohitra. Ary tsy tokony hatao vato misakana ny tsy fahampian' ny hoentimanana. Aharitra efa-taona ny tetika-sa, vita Sonia ny taona 2017 ny fifanarahan'ny Fanjakana Malagasy sy ny banky iraisam-pirenena ary ny taona 2021 vao hifarana ny tantsoroka.

***Solohery***

## SARIITATRA: Tonga ny vary mora hanapotehana ny vokatry ny tantsaha




Vehivavy nandro tamin'ny rano fady

## Feno kirifotra ny vatany

Hafa raha samy hafa indray ny nahazo ity vehivavy ity. Salama tsara sy tomady izao izy no nisy kirifotra zavatra hafahafa izany manenika ny vatany ary mangidihidy tsy mijanona mihitsy. Efa tany amin'ny dokotera izy fa tsy nisy fanafody nahasitrana azy mihitsy. Efa nanatona mpitsabo malagasy ihany koa fa ny teo ihany no teo. Lany haika ity ramatoa ity, ka tsy maintsy nanatona teny amin'i Jessica **0338739541** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato. Vao noraisin'ity mpitsabo ity anefa izy dia nambarany fa nandro tamin'ny rano fady izy ary tsy sitrana io raha tsy karakaraina haingana. Teo noho eo ihany dia nampisotroin'ity mpitsabo ity rano manokana ilay vehivavy , avy eo dia notroriny tamin'ny menaka manokana ihany koa ary mbola nisy fanefitra nampitondrainy azy mba hoentiny mody . Vao nihosotra ilay menaka fotsiny anefa ity vehivavy ity dia nisy fiovana sahady satria teo noho eo ihany dia nihena ny fanaintainana tamin'ny vatany. Afaka roa andro dia niverina teny amin'ity mpitsabo ity izy ary nilaza fa niova tanteraka ny toe-batany satria ilay fery tamin'ny vatany dia nihena ary niha-foana ho azy teo ilay kirifotra tamin'ny vatany. In-telo monja ity vehivavy ity no tonga tany amin'ilay mpitsabo dia sitrana tanteraka. Nilaza ity mpitsabo ity fa sarotra ny mitsabo aretina toy ireny, saingy rehefa mino ianao, ka manaraka ny toromarika dia sitrana ary tsy miverina intsony io mahazo anao io. Nambarany ihany koa fa maro ireo efa nahita fahasoavana tao aminy toy ny aretina sarotra sitranina, ny fivontosana amin'ny vehivavy, ny sakana samihafa eo amin'ny tsy fananan'anaka, ny vehivavy tsy mety miteraka fa tratry ny olana ary ireo te-hiteraka dia mahazo izay iriany sy tadiaviny avokoa rehefa voakarakara eny amin'ity mpitsabo ity. Tsy manavakavaka aho hoy izy fa raisiko avokoa izay mila vonjy sy fanasitranana ato amiko, ka manaraka ny toromarika omeko azy.

***Namana***

Asa sosialy

## Fiarahan-dalana miteraka fiovam-pihetsika

Ho fanomezana ny tolotra matihanina mifandraika amin'ny vaninandro ankehitriny, no antony hamondronana ireo mpiantsehatra sy mpiasa sosialy eto anivon'ny Faritra mandritra ny fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny Asa Sosialy eto Vakinankaratra. Manamarika izany fotoan-dehibe izany ny fivondronan'ireo Mpiasa Sosialy eto Vakinankaratra, na ny GTSV « Groupement des Travailleurs Sociaux Vakinankaratra», ka lohahevitra iompanan'ny fanamarihana dia ny hoe «Asa Sosialy Lavorary, Mpiasa Sosialy Matihanina». Tsy mitovy ny asa soa sy ny asa sosialy. Ny asa soa dia tsy maharitra, asa fanasoavana amin'ny fotoana voafetra ary lasa zatra mandray fotsiny ary izay hiantefany. Ny asa sosialy kosa dia fiarahan-dalana atao mba hisian'ny vokatra hampandroso sy fiovan-toetsaina mba ho afaka miantsehatra amin'ny fampivoarana ny tenany sy ny manodidina azy. Nandritra ny roa andro no nentin'ny GTSV nanamarika izany andro manerantany ho an'ny asa sosialy izany. Raha ny tetiandro dia ny 03 Martsa no voarakitra fa andro manerantany ho an'ny asa sosialy fa nisafidy ny 19-20 mars kosa ireto mpikambana tao Vakinankaratra ireto nentina nanatanteraka izany fankalazana izany. Nandritra ireo roa andro ireo dia nisy ny fikaonan-doha ataon'ireo mpisehatra ara-tsosialy, hamantarana ny olana sedrain'izy ireo rehefa any anatin'ny asa, ary niezaka ny namoaka vahaolana mifandraika amin'izany ihany koa izy ireo. Ankoatr'izay, niezaka ihany koa ry zareo ireto handresy lahatra ireo orinasa lehibe tsy miankina amin'ny fanjakana mba hijery sy hiantsoroka ny asa Sosialy amin'ireo mpiasa marobe miasa ao aminy. Azo ambara ho mbola vitsy mantsy ireo orinasa tsy miankina miara-miasa amin'ny Mpiasa ara-tsosialy ankehitriny. Zava-dehibe eo amin'ny mpiasa ny fiahiana aratsosialy atao aminy, iny no mampitombo ny risika sy ny fahazotoana ao aminy. Nanome voninahitra izao fotoan-dehibe fanokafana ny fanamarihana ny andro manerantany ho an'ny asa Sosialy izao ny Prefet an'Antsirabe miadidy ny fari-piadidiam-panjakana eto Vakinankaratra, ny Tale roa avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra, ny tale miadidy ny fampandrosoana sy ny tale miandraikitra ny fandraharahana ankapobeny sy miadidy ny Lafitany, ny solontena avy ao amin'ny foibem-paritry ny Mponina sy ny fiahiana ara-tsosialy. Tompomarika tamin'ny fanomanana rehetra kosa ny GTSV eto Vakinankaratra.

***Solohery***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**16/03/19 hatramin'ny 23/03/19**

**- DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

**- M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22

**- TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

**- HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

**- PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 889-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

# Manototra ny lavadavaka amin'ny arabe eny Ankazotokana- Anjohy

Notontosaina teny amin'ny Boriboritany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny asa fanotofana ny lavadavaka eny amin'ny arabe . Izany asa izany dia natao teny amin'ny faritra Ankazotokana miakatra mankany Anjohy iny. Notapenana tamin'ny simenitra sy vatokely na "beton" ireo lavadavaka, izay tsikaritra tamin'izany lalana izany. Iaraha- mahalala fa ireny lavadavaka ireny no anisan'ny



*Ny fanotofana ny lavadavaka nataon'ny Boriboritany faha-2.*

manome vahana ny fitohan'ny fiara eto an-drenivohitra, ka ho fampihenana izany fitohanan'ny fiara izany sy heverina fa ho fampirindrana ny fifamoivoizana amin'ny ankapobeny no anton'izao ezaka ataon'ny boriboritany faharoa izao, izay ao anatin'ny fanatanterahana ny vina 100 andro, izay napetraky Ramatoa ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana izao ezaka izao. Miara-miasa amin'ny DTP (CUA) ny mpiaramiasa tsy miankina amin'ny boriboritany faharoa, tamin'ity asa ity.

***Aly***

Tsy fandriampahalemana

# Miantso vonjy ny mponina any Manjakandriana

Mandry tsy lavoloha ny mponina amin'ny faritra sasany any amin'ny distrikan'i Manjakandriana ankehitriny, noho ny hafitsoky ny dahalo. Faritra maro toa an'Ambohitrandriamanitra, Ambohimanarivo, Sadabe ary Ankazondandy iny no anjakan'ny asan-dahalo amin'ny halatr'omby ankehitriny, raha ny nambaran'ny solombavambahoaka teo aloha, Rakotonjatovo Anto Arilafa. Matory an-tsaha mihitsy ny mponina amin'izao fotoana ary reraka amin' ny asa aman-draharaha amin'ny andro antoandro. Valalanina arak'izany ny mponina any amin'ireo faritra samihafa ireo, ka mangataka ny fitondram-panjakana izy ireo mba hijery akaiky ny mahazo ny mponina amin'ny faritra sasany any amin'iny distrikan'i Manjakandriana iny, satria raha izao no mitohy dia ho potika hatramin'ny fiainan'izy ireo noho ny hafitsok'ireo dahalo mpangalatr'omby ireo. Antso avo arak'izany no ataon' ny mponina satria lasibatry ny dahalo ny tanàna sy ny fananana.

***Rajo***

Fitaterana Antsirabe

# Hirosoana ny fanadiovana ny sehatry ny fitaterana


Io indray Antsirabe sy ny fitaterana! Tsy mety misy filaminana mihitsy ity fitaterana eto Antsirabe ity, nohon'ny hamaroan'ireo karazana tsy fanarahan-dalàna isan-karazany mitranga. Manoloana io disadisa io sy ny fitarainana voaray mahakasika ny resaka fitaterana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra dia nanatanteraka fampivoriana ireo mpiantsehatra amin'izany ny avy teo amin'ny Prefektiora an'Antsirabe izay notarihan-dRamatoa Préfet, niarahana tamin'ny Lehibeb'ny Faritra Vakinankaratara mpisolo toerana, ary ireo foibem-paritra voakasika ny fitaterana, ny Talem-paritra ny Fitaterana, ny Talem-paritra ny Tontolo iainana, ny Talem-paritra ny Hetra, ny Sampandraharaha rejionaly ny harena ankibon'ny Tany na ny BCMM, ary ny zandarimariam-pirenena sy ny Polisim-pirenena. Nisy araka izany ny fampahafantarana sy fampahatsiahivana ny didy aman-dalàna rehetra tokony ho hajaina sy harahan'ireo mpisehatra rehetra ao anatin'ny fitaterana, ohatra amin'izany ny fampahafantarana ireo taratasy ilaina rehetra raha toa ka mitatitra entana amin'ny lalam-pirenena satria tsy maintsy hisy ny fisavana eny an-dalana mba ho fampiharana ny lalàna velona. Eo ihany koa ny famporisihana ny rehetra amin'ny resaka ady amin'ny kolikoly eo anivon'ny fitaterana. Manoloana kosa ny fisian'ireo ''KUBOTA'': fiara mpitatitra entana tsy nahazo alalana amin'ny tompon'andraikitra, izay miha-maro sy mahazo vahana eto amin'ny tanànan'Antsirabe, dia hivoaka tsy ho ela ny lalàna hifehy an'izy ireny, izay novolavolain'ny avy eo anivon'ny Ministeran'ny Fitaterana. Eo ihany koa ny fijerana manokana ireo tsy fanarahan-dalàna misy eny amin'ny tobimpiantsonana eny Vatofotsy. Fa mahakasika izay resaka fitaterana izay ihany dia nisy lalàna vaovao nivoaka avy eo amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana maharitra na ny MEDD, izay manambara ny tsy fahazoana intsony mitrandraka sy mitatitra ireo hazo sarobidy toy ny Andramena, Palissandre, bois d'ébène. Tsy misy intsony ny fanomezandalana hitrandraka ireo hazo sarobidy ireo, tsy voakasika izany anefa ireo hazo tsotra toy ny kininina sy ny kesika ary ny arina fandrehatra, saingy tsy maintsy manara-dalàna ireo mpitrandraka, na amin'ny fitaterana izany na amin'ny fitrandrahana. Natao izao fanapahan-kevitra izao ho fiarovana ireo faritra arovana eto Madagasikara.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 275**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0274)

***Mitsivalana***
- Filohany
- Olona – IV
- Tohatra
- Avo – Na
- Fa (Miv) – Reko
- Nentiny
- Atao – Ana

***Mitsangana***
- Fotoana
- Ilo – Fet(y)
- Loha – Na
- Vano (Miv) – To
- Hatory
- Ena
- Niankin(a)
- Vy (Miv) – Ao

## TENY MIFANARAKA N° 275

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | ■ | |
| 2 | | ■ | | | | ■ | | | | |
| 3 | | | | | | | | ■ | | ■ |
| 4 | | | | | | ■ | | | | |
| 5 | | ■ | | | | | ■ | | | |
| 6 | | | | ■ | | | | | | |
| 7 | | | ■ | | ■ | ■ | | | | |
| 8 | | | | | | | | ■ | | |
| 9 | | | ■ | | | | | | ■ | |
| 10 | | | | | | ■ | | | | |

**Mitsivalana**

**1.** Mifady hanina **2.** Menaka – Alon-drano masina **3.** Be taona **4.** Kere – Taova eo afovoany **5.** Paska – Entina manontany **6.** Bibikely amin'ny volo – Nizara roa (Miv) **7.** Efatra – Hita amin'ny karatra isan-karazany **8.** Izao rehetra izao – Ao amin'ny Tily **9.** Solfà – Manao ahoana **10.** Alika – Ranom-pary mahamamo (BR)

**Mitsangana**

**A.** Mpitsikera ny marina **B.** Kianteny – Mivadika (Miv) **D.** Poketra **E.** Aizina – Matoanteny **F.** Korontana an-dalambe – Feo miverina (Miv) **G.** Faran-teny (Miv) – Simba, masiso **H.** Tsy afa-miteny (BR) – Vola tsy voaloa (Miv) **I.** Mpanoritra (Miv) – Teny ratsy – Mpanondro **J.** Volana **K.** Mampisafidy – Endrika amam-bika (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0274

**Mitsivalana**

1 Fanorona 2. Alamo - Iny 3. Lambomena 4. Anio (Miv) 5. An - Jirama 6. Inona ? - Vony (Miv) 7. Voa - Tehaka 8. Njola 9. Tia - Orana (Miv) 10. Fo (Miv) - Mihatra (Miv)

**Mitsangana**

A. Faly - Ivato B. Ala - (V)ano - If D. Namonoana E. Omby F. Raonjato G. May - Tale (Miv) H. Rihana I. (F)aingana - Ha (Miv) J. Na - Mokary K. Sy - Sava - OM

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandidà depiote TIM eny amin'ny boriborintany faha 6 nidina ifotony teny Ankazomanga Atsimo.










Ny fihaonana teo amin'ny Uscafoot sy i Mayotte tetsy Mahamasina omaly.







